# Ilay Voa Tsara Nafafy 16 Novambra 2018

# 16 **Zoma** novambra

**Sambatra izay mamaky sy ny mihaino ny tenin'ity faminaniana ity, ka mitandrina izay voasoratra ato anatiny ; fa antomotra ny andro.** Apokalypsy 1. 3

**Izy *(Jesosy)* ... nanambara taminy ny hevitry ny teny milaza Azy ao amin'ny Soratra Masina rehetra.**
Lioka 24. 27

## Faminaniana

Ny toetran'izao tontolo ankehitriny izao, na amin'ny lafiny ara-toekarena, na amin'ny lafiny ara-toe-panahy, dia mampanontany tena ny tsirairay : Mankaiza isika ireto ? Ahoana no hiafaran'izao zava-drehetra izao ?

Andriamanitra irery no mahafantatra ny hoavy. Tao amina fahitana, dia naharay izao antso izao i Jaona : „Miakara atỳ, dia hasehoko anao izay zavatra tsy maintsy ho avy rahatrizay" (Apokalypsy 4. 1). Efa tanteraka ny faminaniana sasantsasany, ary tanteraka an-tsakany sy an-đvany, toy ireo izay nambaran'i Isaia, 700 taona mialoha, momba ny hahatongavan'i Jesosy etỳ an-tany :

— Ny hahaterahany sy ny anarany : „Indro, hanana anaka ny virijina ka hiteraka zazalahy ; ary ny anarany hataony hoe Imanoela" (Isaia 7. 14).

— Ny hanolorany ny tenany ho sorona sy ny vokatr'ny „Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika sy notorotoroina noho ny helotsika, ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy ; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika" (Isaia 53. 5).

Davida dia nilaza ny hanomboana ny Tompo eo amin'ny hazofijaliana : „Manindrona ny tongotro aman-tanako izy", sy ny hiantsoantsoany eo amin'ny hazofijaliana hoe : „Andriamanitro ô, Andriamanitro ô, nahoana no dia mahafoy Ahy Ianao ?" (Salamo 22. 16, 1).

Nisy mpaminany hafa nanondro ny toerana hahaterahany (Mika 5. 1), ary nanambara ny hitsanganany amin'ny maty (Salamo 16. 10, 11).

Misy faminaniana, mbola any aoriana vao ho tanteraka : toerana eo anilan'i Jesosy, ho an'izay mino Azy (Jaona 14. 3) ; nefa koa fanamelohana mandrakizay, ho an'ireo izay tsy nanaiky handray ny fahasoavan'Andriamanitra (Apokalypsy 20. 15).

Aoka àry isika haharitra mamaky sy mihaino ny Tenin'Andriamanitra !